

Fiaianam-pianakaviana feno fahasambarana



**HERINANDRON'NY FATORANA
EO AMIN'NY FIANAKAVIANA**

Ny 8 ka hatramin'ny 15 febroary 2020

**NY FANALAHIDIN'NY FAHASAMBARANA
EO ANIVON'NY FIANAKAVIANA**



**Sampana Fiaianam-pianakaviana
Fivondronamben'ny Federasiona
eo anivon'ny Ranomasimbe Indianina**

**HERINANDRON'NY FATORANA EO AMIN'NY FIANAKAVIANA
8-15 FEBROARY 2020**

Fiaianam-pianakaviana feno fahasambarana

TENY FAMPIDIRANA

Ry fianakaviana malala eto anivor'ny Ranomasimbe Indianina, Fifaliana ho anay ny mampita aminareo ny fanirianay tsara indrindra ao amin'i Jesôsy Kristy amin'ity taom-baovao 2020 ity. Ao amin'i Jesôsy Kristy irery ihany no ahitana ny faniriana tsara indrindra satria fantatsika fa tsy misy na inona na inona zavatra mahasoa kokoa azon'ity tontolo ity atolotra antsika, satria ny fahasambaran'ny fianakaviana dia ao amin'i Jesôsy irery ihany izay mpamorona ny fanambadiana ary mpamerina amin'ny laoniny ny toe-java-tsarotra rehetra iainan'ny fianakaviana.

Noho izany dia mahafaly anay indrindra ny manolotra anao ity taridalana ity amin'ity herinandro ity ho fanamafisana ny fatorana eo amin'ny fianakaviana izay nomanin'ireo tompon'andraikirity ny Sampana Fiaianam-pianakaviana eo anivor'ny Federasiona ao Maorisy - Eddy sy Nichole Seenyen.

Isaorana izy ireo noho ny fizarana izany ary entintsika amimbavaka mba hitondra fitahiana ho an'ny fianakaviana tsirairay eo anivor'ny Fivondronambe misy antsika anie ity herinandro ity.

Wesley  Nicole Orieux
Sampana Fiaianam-pianakaviana
Fivondronambe
eo anivor'ny Ranomasimbe Indianina



Misy mihoatra noho ny fianakaviana miray sy mirindra ary sambatra ve?

Izany no faniriana lalina ao am-pon'ny olombelona tsirairay ary indrindra ao am-pon'ny zanak'Andriamanitra. Na izany aza, ny fianakaviana ankehitriny dia miatrika zava-tsarotra tena mafy tokoa, hany ka mampametra-panontaniana ny amin'ny mety ho faharetany!

Ao anatin'izany tontolon-kevitra izany no anehoan'ity herinandron'ny fatorana eo amin'ny fianakaviana ity ny maha-zava-dehibe izany.

Ny tanjony voalohany indrindra dia ny hanehoana fa misy antony tsara tokony hinoana ny fahombiazan'ny fianakaviana, eo ambany fahasoavan'Andriamanitra.

Na izany aza anefa dia mila ny sakafio sahaza ho azy ny ankohonana hanatrarany izany tanjona izany. Ary voarakitra ato anatin'ity herinandron'ny fatorana eo amin'ny fianakaviana ity izany sakafio izany. Hitarika ny sain'ny fianakaviantsika ho eo amin'ilay loharanon'ny torohevitra tsara indrindra izany ka hitantana ny fianakaviana Advantista eo anivon'ity Fivondronambe ity.

Antenaintsika fa ho "balsama hitondra fanasitranana ho an'ny ratra" ity herinandron'ny fatorana eo amin'ny fianakaviana ity ary handray anjara amir'ny fahatanterahan'ny fahasambaran'ny fianakaviana. Manasa ny fianakaviana tsirairay izahay mba handany 15 minitra isan'andro (maraina na hariva) mandritra ny fotoam-pivavahan'ny ankohonana handinika ny lohahevitra voatokana isan'andro. Venteso ireo hira natolotra hitondra fifaliana ho an'ny ankizy. Havaozy hatrany ny fizotr'ireo ampahefatr'adiny mba hanintonia sy hanandratra ka hahaliana ny mambra tsirairay ao anatin'ny fianakaviana ny hanatrika izany.

Iaino amin'ny fahafenoany ity herinandro ity. Hitahy anao anie Andriamanitra.

Nichole ⊕ Eddy Seenyen
Sampana Fiainam-pianakaviana
Federasiona Maorisy



*Fiainam-pianakaviana
feno fahasambarana*

SABATA 8 FEBROARY 2020



Lohahevitra 1: Ny fanalahidin'ny fahasambarana ho an'ny fianakaviana

Hira faneva: faha-554 (Andininy voalohany)

Andininy fototra: “*Mahasambatra kokoa ny manome noho ny mandray*” - Asa. 20:35.

1. Tsy vitan'ny hoe nanorina ny ankohonana Andriamanitra (Gen. 1:27-28), fa nanome torohevitra izay hamalifaly azy sy hahatonga ny mambra tsirairay ao anatin'izany (vady, zanaka) ho sambatra.
2. Eo anivon'ireo akaiky azy no hahatsapan'ny olona tsirairay fa ilaina, ankasitrhana ary tiana: **ireo fangaro telo mitondra fahasambarana.**

Fanontaniana: mahatsapa izany avokoa ve ny mambra tsirairay ao anatin'ny fianakaviana?

3. Manandrana izany fahasambarana lehibe ao antokatrano izany isika raha toa ka misy rivo-piainana mafana sy tontolo iainana feno:
 - Fifampitokiana
 - Fahatakarana ny manjo ny hafa
 - Fangoraham-po

} ireo “F” miisa 3

Vakio ny Fit. 3:22-23.

✓ **Naoty**: Azon'ny iray amin'ny zanaka ao anatin'ny fianakaviana atao ny mamaky ny andalan-teny mandritra ireo ampahefatr'adiny ho an'ny fatorana eo amin'ny fianakaviana.

⌚ **Fanontaniana**:

- (a) Azonareo atao tsianjery sy averimberina ve izany rahampitso Alahady mandritra ny fivoriam-pianakaviana faha-2?
- (b) Afaka mampanantena ve ny mambra tsirairay ao anatin'ny fianakaviana fa haina ireo “F” miisa 3?
- (d) Inona no antony? Mba ho tonga toeram-pialofana ahitana fiadanana ny tokantrano ka ho hadino ireo zava-tsarotra sy ny misafotofoto rehetra any ivelany, ary hahatsapa ho voaro sy hiroborobo tanteraka ny ankizy.

❖ **Fizarana**: Fotoana hifampizarana traikera ao anatin'ny fianakaviana mandritra ireo 15 minitra.

⌚ **Vavaka**: ataon'i Dada

ALAHADY 9 FEBROARY 2020



Lohahevitra 2: Ny fitiavana, fatorana tonga lafatra ho an'ny fiarahana

Hira Faneva: faha-554 (Andininvoalohany)

Andininny Fototra:

- «Na zovy na zovy no mameley tahamaina ny takolakao ankavanana, atolory azy koa ny anankiray» - Mat. 5:39.
- «Aza mamaly ratsy na amin'iza na amin'iza. Miomàna hanao izay mahamendrika eo imason'ny olona rehetra» - Rôm. 12:17.

1. Mihamanan-danja kokoa hatrany ireo torohevitra ireo eo anivon'ny fianakaviana. Saintsaino ireo torohevitra ireo isaky misy olona iray mitady hanohitra ao anatin'ny fianakaviana, mandra-paratra sy hijalian'ny mambra rehetra (Ray, Reny, zanaka).

Ireo torohevitra ireo no hisoroka mba tsy «*hiharatsy ny toe-javatra*» eo anivon'ny fianakaviana.

2. Ny fitiavana: lo irery ihany no singa afaka manome hery ho antsika «*hanolorana ny takolaka anankiray*» ao anatin'ny fianakaviana.

Vakio ny 1 Kôr. 13:4-8.

✓ **Naoty:** Azon'ny ankizy iray ao anatin'ny fianakaviana vakina ny andininny mandritra ilay 15 minitra ho an'ny Fatorana eo amin'ny Fianakaviana.

3. Ny fitiavana dia fifandraisana am-po. Ao anatin'ny fiainan'ny fianakaviana sambatra anefa dia tsy maintsy ahitana fisaintsainana sy faniriana (eo amin'ny isam-batan'olona ao anatin'ny fianakaviana) hanao zavatra mba hahatsapan'ilay

tiavina fahasambarana lehibe. Tafiditra ao anatin'izany ny famaizana na ny fitsipika, saingy fantatra kosa (na ho an'ilay olona mampihatra fitsipika, na ho an'ilay olona mandray ny fampitandremana) fa tsy hahatonga ny tenany ho tsy tian'ny mambra hafa ao anatin'ny fianakaviana izany.

4. Araka ny andininy ao amin'ny 1 Kôr. 13:4-8, ny fitiavana dia manaisotra ny fahasarotampiaro, ny fieboeboana, ny toetra tsy marina, ny fitiavan-tena, ny izaho, ary ny tsy fahamarinana. Izy no mitondra sy mamorona ny faharetana, ny fanompoana, ny marina, ny famelan-keloka, ary ny fanantenana.

Fanontaniana:

- (a) Azontsika raisina ho teny baiko ve ny hoe «*manolotra ny takolaka anankiray*» mandritra ity herinandron'ny Fatoran'ny Fianakaviana ity?
- (b) Afaka mihomehy ve isika eo am-pampiharana izany, ary mifampahatsiahy?

 **Fizarana:** Ataovy tsianjery ny zavatra ataon'ny fitiavana sy ny zavatra tsy ataony.

 **Soso-kevitra:** Zarao amin'hy ankizy izany tsianjery izany, mba hotanisaina amin'ny fihaonana manaraka ataon'ny fianakaviana amin'ny Alatsinainy 10 Febroary.

 **Vavaka:** ataon'i Neny

ALATSINAINY 10 FEBROARY 2020



Lohahevitra 3: Ny fitsipika, maneho taratra ny fitiavana

Hira Faneva: faha-554 (Andininny voalohany)

Andininny Fototra: «*Izay (ray aman-dreny) mitsitsy ny tsorakazony (famaizana) dia tsy tia (mankahala) ny zanany, fa izay (ray aman-dreny) tia zanaka dia manafay azy (mampihatra fitsipika aminy)*» - Ohab. 13:24.

1. Ny fitsipika: mametra (mandidy) fitsipika ara-pitondrantena mifanaraka amin'ny tokony ho izy.
2. Mihatra amin'ny mambra rehetra ao anatin'ny fianakaviana izy io, fa tsy amin'ny ankizy ihany: vady/Dada, vady/Neny ary ny ankizy (lahy sy vavy).
3. Indro misy fanontaniana: «*Nahoana ny mambra sasany ao anatin'ny fianakaviana no tonga olo-meloka na zaza maditra, saingy tsy mba tahaka izany kosa ny hafa?*», izay valiana toa izao: «*mety goragora loatra ny fitsipika teo anivon'ilay fianakaviana, na nihenjana loatra, na tsy tamim-pitandremana loatra*».
4. Noporofoin'ny fandalinana natao fa 70 isanjaton'ny zaza maditra no tsy mba nampiharana fitsipika araka ny tokony ho izy.
5. Ny fitsipika dia tokony ampiharin'ny mambra tsirairay avy ao anatin'ny fianakaviana, amin'ny mambra hafa ao anatin'ny fianakaviana.
6. Ireto avy no takin'ny fitsipika:
 - Miahys amim-pahamatorana ny fiainan'ny ankizy (ataon'ny ray aman-dreny).
 - Atao ao an-tsaina ny fahasambaran'ny ray aman-dreny (ataon'ny zanaka).
 - Manao zavatra amim-pahendrena sy mifandanjalanja hatrany isaky ny misy ilana izany.

- Manaisotra ny fahalemena na ny tsy firaharahana.
 - Malefaka
 - Mitony
 - Mihaino
 - Fihetseham-po
 - Fanajana
 - Fahamarinana
 - Ny tombontsoan'ny hafa
 - Loharanon'ny voankazo mitondra fiadanana
 - Fahasambarana
7. Izy io dia tsy: sazy, hatezerana, fahakizitinana, hasiahana tsy voahevitra, tsy voafehy, loharanon'ny tsy fifankahazoana

Fanontaniana:

- (a) Misy ohatra vao tsy ela akory ve nahitana fa i Dada na i Neny na ny zanaka dia nanao zavatra mendrika hampiharana fitsipika?
- (b) Misy fotoana vao tsy ela akory ve nahitana fa nampiharin'i Dada na i Neny araka ny lafy tsarany ny fitsipika? (Vakio ny fizarana faha-6).
- (d) Efa nisy fotoana nampiharana fitsipika ve ka nampiasana ny fizarana faha-7?

 **Fizarana:** Valin'ireo fanontaniana ireo, ary samy milaza ny heviny ny mambra tsirairay avy.

 **Naoty:** *Aoka tsy hovaliana izay hevitra mivoaka. Aoka hihaino sy hanaiky fotsiny ihany. Tsy tokony hitarika ho amin'ny fifanakalozan-kevitra ny hevitra navoaka.*

 **Soso-kevitra:** Miteny tsotra fotsiny ihany i Dada sy i Neny hoe «*Reko izay nambaranao*».



TALATA 11 FEBROARY 2020

Lohahevitra 4: Ny fifandraisana eo anivon'ny fianakaviana

Hira Faneva: faha-554 (Andininvoalohany)

Andininny Fototra: «*Raha tsy mazava ny teny aloaky ny vavanareo, hatao ahoana no fahafantatra izay lazainareo? Raha tsy izany, dia hiteny amin'ny rivotra hianareo*» - 1 Kôr. 14:9.

1. Ny fifandraisana dia fampitana ny eritreritra, hevitra, na ny zavatra tsapan'ny atidoha (fo) ho amin'ny olon-kafa. Raha toa ka ny fitiavana no fon'ny fahasambaran'ny fianakaviana, dia ny fifandraisana kosa indray no fanahiny.
2. Rehefa miato ny fifandraisana dia manomboka ny fahasahiranana ary miseho ny olana goavana.
3. Ny fifandraisana no fanehoana ny fitiavana.

Ireo fomba 7 fanehoam-pitiavana:

- i. Teny manome lanja: manambara fampaherezana, fankasitrahana.
- ii. Fanomezana: manolotra fanomezana hanamarihana ny fahatsapan'ny fo: mianatra ny fahaizana manome ho toy ny fomba fifandraisana.
- iii. Manao asa ho an'ny hafa, manampy kanefa tsy mila tambiny.
- iv. Miaina fotoana mahafinaritra eo anivon'ny fianakaviana; mifanokana fotoana ho an'ny mambra ao anatin'ny fianakaviana.

- v. Mizatra mifampikasoka ara-batana: oroka, fihina, fisakambinana (apetraka eo an-tsoroky ny iray ny sandry).
- vi. Mizatra mihaino sy mangoraka: mahavita mipetraka eo amin'ny toeran'ny hafa, mahatakatra ny zavatra tsapany, mamaly araka izay ilainy: izany hoe mipetraka eo amin'ny toerana misy azy mihitsy.
- vii. Mahita fifaliana ao anatin'ny famelan-keloka. Tsy fahalemena akory ny famelan-keloka, fa tanjaka, fandresena.

Fanontaniana:

- (i) Ahoana no fampiharana ny fifandraisana eo anivon'ny fianakaviana, sady atao an-tsaina ihany ireo fomba 7 fanehoam-pitiavana.

 **Fizarana:** Mitantara tranga amin'ny tsipiriany momba ny resaka fifandraisana (mifandimby ny mambran'ny fianakaviana)

 **Soso-kevitra:** azon'i Dada na i Neny atomboka izany.

ALAROBIA 12 FEBROARY 2020



Lohahevitra 5: Mampifaly ny fon'ny fianakavianaao

Hira Faneva: faha-554 (Andininy voalohany)

Andininy Fototra: “*Ary mamelà ny helokay, tahaka ny namelanay izay meloka taminay*” – Mat. 6:12.

1. Maharavoravo ny fony famelan-keloka. Tokony ho voakolokolo amin’ny fifalian’ny famelan-keloka ny fatoran’ny fianakaviana. Misy fiantraikany (manapoizina) amin’ny fifandraisian’ny fianakaviantsika ny maha-mpanota antsika. Miseho amin’ny tsy fahatanterahana, fahadisoam-panantenana, tsy fifankahazoana, fihetsika mirehareha sy fitiavan-tena izany.
2. Izany rehetra izany dia mametraka antsika eo amin’ny lalan-tsaran’ny famelan-keloka: na mamela ny heloky ny olona iray ao amin’ny fianakaviana na mandray famelan-keloka avy amin’ny olona ao amin’ny fianakaviana. Ilaina hatrany ny toe-panahy feno fanetren-tena (ho an’ny tena) ary toe-panahy manome tombam-bidy (ho an’ny ankilany) amin’ireo tranga roa ireo.
3. Ny famelan-keloka no herin’ny fitiavana satria mahafaly ny fo ary manatanjaka ny fifandraisian’ny fianakaviana ahafahany mihoatra ny hadisoana sy ny fijalian’ny tsirairay ao amin’ny fianakaviana.
4. Tsy midika ho tsy firaharahana izay natao ny famelan-keloka. Maneho izany fa tsy manjary sakana ho amin’ny fifandraisana intsony ilay fihetsika (mazàna ratsy). Ny famelan-keloka dia miteraka rivo-piaínana ilaina amin’ny fiaingana vaovao, fiandohana vaovao, fialan’ny vesatra, famerenana ny trosa, fampihavanana, fifaliana indray amin’ny fahasambarana hita indray.

5. Milaza amintsika Andriamanitra fa hamela antsika Izy raha toa ka mamela ny hafa isika. Vakio ny voalaza ao amin'ny Mat. 18:23-35.

 **Fanontaniana:**

- Inona ireo sakana amin'ny famelan-keloka ao amin'ny fianakavianao?

 **Naoty:** Avelao ny tsirairay samy haneho hevitra amin-kalalahana.

- Efa namela heloka ve ianao? Inona no tsapanao taorian'izay?

 **Fizarana:** Mizarà ampahana fanandramana mifandraika amin'ny famelan-keloka eo amin'ny fiainan'ny mpianakavy tsirairay.

 **Soso-kevitra:** Atombohy amin'ny ray aman-dreny



ALAKAMISY 13 FEBROARY 2020

Lohahevitra 6: Miomana ho amin'ny hoavy mandrakizainy fianakaviana

Hira faneva: faha-554 (Andininy voalohany)

Andininy fototra:

- “Izay mino ny Zanaka manana fiainana mandrakizay” – Jao. 3:36.
- “Fa fahafatesana no tamin’ny ota; ary fiainana mandrakizay no fanomezam-pahasoavana avy amin’Andriamanitra ao amin’i Kristy Jesosy Tompontsika” - Rôm. 6:23.

1. Efa zava-niseho tamin’ny lasa ny fahotan’i Adama sy i Eva izay nitarika antsika tamin’ny fahotana. Efa narenin’i Jesôsy Kristy izany faharatsiana izany ary ankehitriny dia manantena ny hahita izany paradisa very tamin’ny andron’ny ray amandrenintsika voalohany izany ny fianakaviana rehetra (fara faharatsiny ireo izay mino).
2. Nahita fanomezam-pahasoavana tao anatin’izany fanomanana ny fiainana mandrakizay izany ny fianakaviana tsirairay.
3. Tsy maintsy manorina ny ho aviny eo amin’ny Vatolampy izay tsy iza fa i Jesôsy Kristy ny fianakaviana tsirairay.
4. Inona no fototry ny fanorenana: ny fandinihana ny Tenin’Andriamanitra ary ny vavaka eo anivon’ny fianakaviana.
5. E. G. White: “Ny vavaka no hery mahery vaika indrindra eto an-tany. Hiray hina hatrany ny fianakaviana miara-mivavaka. Izany no tsiambaratelon’ny hery ara-panahy”.

6. Singa tena ilaina amin'ny fanomanana ny ho avy mandrakizain'ny fianakaviana ny vavaka.

 **Fanontaniana:**

- (a) Mino ve ny tsirairay ao amin'ny fianakaviana fa mitondra fahasambarana ny fampiharana ny Tenin'Andriamanitra?
- (b) Ahoana no ahitanao (ny ankohonanao tsirairay) ny hoavin'ny fianakavianao?
- (d) Manaiky hianatra sy hivavaka miaraka amin'ny fianakavianao isan'andro ve ianao?

 **Fizarana:** Zarao hoe amin'ny fomba ahoana no ahafahan'ny tsirairay ao amin'ny fianakaviana manome tsiro ny fiarahamianatra ny tenin'Andriamanitra sy ny vavaka hiarahana amin'ny fianakaviana.

 **Soso-kevitra:** Azon'ny tsirairay atao ny milaza ny vinany ho an'ny fianakaviany afaka 10, 20 taona.

ZOMA 14 FEBROARY 2020



Lohahevitra 7: Mamolavola sy miaina anaty fianakaviana sambatra

Hira faneva: faha-554

Soso-kevitra: Venteso ny andininy rehetra amin'ny hira faneva satria ity no andro farany amin'ny herinandron'ny fatorana eo amin'ny fianakaviana.

Andininy fototra: “*Fa raha Izaho sy ny ankohonako kosa, dia hanompo an'i Jehovah izahay*” – Jos. 24:15.

1. Fotoana hiarahan'ny mpianakavy mandray izany fanapaha-kevitra izany izao andro farany amin'ny herinandron'ny fatorana eo amin'ny fianakaviana izao.
2. Fanapahan-kevitra manokana natao horaisin'ny tsirairay mandrafitra ny fianakaviana koa izany (Dada, Neny, ny zanaka tsirairay).
3. Ireto misy fomba telo hanompoana an'i Jehôvah, sady fampiharana ny lesona sy ny soso-kevitra tamin'ity herinandro ity.
 - (i) **MANATRATRA NY AVO:** Asao i Jesôsy ho tompon-trano tsy hita maso ao an-tokantranonao. “*Kristy no lohan'ity tokantrano ity; tompon-trano tsy hita maso, isaky ny misakafo, mpihaino am-pahanginana ny resaka rehetra izay atao*”.
 - (ii) **MANATRATRA NY AO ANATINY:** Ataovy paradisa antany ny fianakavianaao, “*paradisa isan'andro, izay havaozina isaky ny Sabata*”.
 - (iii) **MANATRATRA NY ANY IVELANY:** Mitadiava ondry ho an'ny sahan'i Jesôsy. Mitondrà fo mankeo amin'i Jesôsy. Vakio sy venteso ny andininy faha-3 amin'ny Hira 255. “*Aza tazonina ho anao irery ity harena ity*”.

Andeha zarao amin'ny mpifanolo-bodirindrina sy amin'ny olona akaiky anareo mianakavy ny fifaliana hitanareo tamin'ny fision'i Jesôsy tao an-tokantranonareo. Mila izany fifaliana izany koa izy ireo.

 **Fanontaniana:**

- (a) Inona no tsapanao (tsirairay ao amin'ny fianakaviana) amin'izao fiafaran'ny herinandron'ny fatorana eo amin'ny fianakaviana izao?
- (b) Moa ve ianareo vonona sy manapa-kevitra ny hanavao indray ny fanoloran-tenanareo ho an'i Jesôsy? Ny Kely sy ny Lehibe?
- (d) Tsy maniry ny hanjary "*mpitatitra fo*" ho an'i Jesôsy ve ianao?

 **Fizarana:** Zarao amin'ny mpianakavy ny zavatra niainanao tamin'ity herinandro ity.

 **Soso-kevitra:** Tsy maintsy mamintina ity herinandron'ny fatoran'ny fianakaviana ity amin'ny alalan'ny teny iray ny tsirairay.

